Ny Vidim-panavotana no Fanomezana Lehibe Indrindra Nomen'Andriamanitra Fizarana 1

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 5, azo jerena ato amin'ny jw.org.

TANJONA: Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.

NAHOANA I JESOSY NO MATY HO ANTSIKA?

1 FANTARO IZAY INOANAO

Inona no mety holazain'ny olona, araka ny hevitrao?

Ary *ianao,* inona no inoanao?

Nahoana ianao no mino an'izany?

www.jw.org © 2015 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

Ny vidim-panavotana no vahaolana nomen'Andriamanitra rehefa nanota i Adama, ilay lehilahy voalohany.
(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 5, fehintsoratra 1-8.)

Vakio ny Genesisy 2:16, 17; 3:17-19.
Nahoana i Adama, ilay lehilahy voalohany, no maty?

Vakio ny Romanina 5:12.
Nahoana no tsy i Adama irery no lasa mpanota fa ny taranany koa?

Raha misy tasy ny taratasy anankiray, dia hisy tasy daholo ny taratasy rehetra atao fotokopia avy amin'izy io. Hoatr'izany koa no nifindran'ny ota tamin'ny taranak'i Adama

www.jw.org © 2015 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Nanome ny vidim-panavotana Andriamanitra mba hamonjena antsika, ary nanao izany izy satria tena tsara fanahy amintsika.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 5, fehintsoratra 9-13.)

Vakio ny Romanina 5:19 sy ny 1 Korintianina 15:21, 22.

Afaka nanao inona ho an'ny olombelona i Jesosy, rehefa nanao ny sitrapon'Andriamanitra ka nanome ny ainy ho sorona?

Vakio ny Romanina 3:23, 24 sy ny 1 Jaona 4:9, 10.

Mendrika ny hovonjena amin'ny alalan'ny vidim-panavotana ve ny olombelona? Hazavao.

Inona no tena manohina ny fonao amin'ilay fandaharana nataon'Andriamanitra momba ny vidim-panavotana?

www.jw.org © 2015 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

Efa fikasan'Andriamanitra hatramin'ny voalohany ny hoe ho faty ny olombelona.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Betsaka no mieritreritra an'izany. Tsy mino an'izany anefa aho satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

RAHA MISY MITENY HOE…

Mieritreritra ny Vavolombelon'i Jehovah hoe mendrika ny ho voavonjy izy ireo satria mandeha mitory.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Izahay aloha mino hoe tena zava-dehibe ny asa fitoriana. *Tsy ny zavatra ataonay* anefa no mahatonga anay ho mendrika ny ho voavonjy satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

www.jw.org © 2015 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania